Tsy fahaizana sy fitenitenenana foana 3

**Nanala-bara-batana indray Rajoelina tany Atsimo**

Fampitomboana isan'ny fokontany ho 1204 3

**Misy fiketrehana halabato any amin'ny faritra atsimo**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 27 aprily 2023 Laharana 1428 Vidiny : 600 Ar


**Antsojay ataon'ny fitondrana Rajoelina** 2

Tsy rariny ny fanemelohana an'i Ninie Donia 18 volana am-ponja


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Vohemara, Ambilobe, Ambanja** 2

# Avoty ny firenena fa potika Dada hoy ireo vahoaka marobe








**Olan'ny fandehanana any ivelany** 6

## Hasio fanaovana pasipaoro ihany koa any amin'ny faritra




**Jeune TIM Analamanga** 2

## Misokatra amin'ny tanora tsy ankanavaka ny QG Bel'Air porte12




**Baolina lavalava** 6

Mbola misafotofoto indray ny taranja rugby

**Fetin'ny asa** 7

Hisokatra ny Baolai amin' ny andron'ny 01 mey

**Daka kely**



Mahita sôsy ividianana moto zaraim-potsiny ialahy isany ry Boaikely, fa tsy mahita fika amin'ny delestazy a !

VOHEMARA, AMBILOBE, AMBANJA

# Avoty ny firenena fa potika Dada, hoy ireo vahoaka marobe

Mitsidika ny any amin'iny tapany avaratr'i Madagasikara iny amin'izao fotoana ny filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko TIM Marc Ravalomanana. Tany amin' ny faritra Sava sy Diana izy hatramin'ny herinandro lasa teo. Tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, tany Vohemara, Ambilobe ary omaly dia tao Ambanja i Dada. Tamin'ireo toerana rehetra izay nolalovany, anisan'ny antsoantson'ireo vahoaka ny hoe:"avoty ny firenena fa potika Dada". Ho setrin'izany, nanambara ny filoha Marc Ravalomanana fa:"tsy mahalavi-tany ny fanarenana an'i Madagasikara. Nandalo teto Ambilobe sy Ambanja aho rehefa avy nitety ny faritra SAVA. Tsy nisalasala isika ny nifampihaino sy nifanakalo hevitra. Manantena anareo aho, fa samy hanamarina ny anarany ao anaty lisi-pifidianana ny tsirairay, hisoratra anarana ireo izay tsy nahavita izany." Tomefy olona hatrany ny lalana nolalovany tamin'ny lalampirenena RN5A, sy ny lalampirenena faha-6 iny. Nitafa sy nifampitakosina tamin'ny rehetra izy tamin'izany, toy ny efa fanaony. Ireo nitondra ny alahelony sy ny hetahetany taminy koa dia samy nilaza, fa voafitak'izao fitondrana Rajoelina izao, izay tsy mitsinjo vahoaka. Avereno amin'ny laoniny ny fiainanay sy ny fiainan'ny firenena hoy ihany koa ny mpandahateny nanoloana ity ray aman-drenin'ny Malagasy ity. Gisitra isika amin'izao fotoana, nefa efa taiza tamin'ny fitondran'ny filoha Ravalomanana, araka ny fanamarihana nataon'ny nikabary. Nisy tanora nijoro vavolombelona, fa mbola mpianatra izy tamin'ny fitondran'i Dada, nahavita bazary fanjava 1, na 1 volana ny 50.000 Ar tamin'izany hoy ity tanora ity. Ankoatra izany, mbola nanentana ny rehetra hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana ny filoha Marc Ravalomanana. Nosoritany koa fa misy fikasana hangala-bato sahady ataon'ny mpitondra sy ny CENI, hita fa misy fokontany matoatoa miisa 1024 ankehitriny any Toliara faritra Atsimo Andrefana, hoy ny filoha nasionalin'ny antoko TIM.



*Ny filoha Marc Ravalomanana, any amin'ny faritra Diana.*

***Isambilo***

Jeune TIM Analamanga

# Misokatra amin'ny tanora tsy ankanavaka ny QG Bel'Air porte12

Nitafa tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM tao Bel'Air Ampandrana, ny Jeune Tim Analamanga notarihan'ny filohany Solofo Andrianantenaina ny talata teo. Nisongadina tamin'izany, fa misokatra ho an'ny tanora rehetra tsy ankanavaka ny ao amin'ny QG Bel'Air porte 12, handraisana ireo tanora maniry ho mpikambana amin'ny Jeune TIM Analamanga, isaky ny talata sy ny alakamisy no fandraisana anarana amin'izany. Azo atao ao amin'izany toerana izany koa ny manamarina ny anarana ao amin'ny lisi-pifidianana, satria hita ao ny rohy avy amin'ny CENI, misy ny lisi-pifidianana rafetina amin'izao fotoana. Ankoatra izany, nanambara ny filohan'ny Tanora TIM Analamanga Solofo Andrianantenaina, fa manomboka mivoaka ankehitriny ny paika maloton' ny CENI, ny amin'ny fisian'ny hosoka sy halatra azo atao amin'izany lisi-pifidianana izany. Noho izay antony izay, mitohy ny fanentanana hoy izy, ny amin'ny fanarahamaso akaiky izany lisi-pifidianana izany, nanentana koa izy ireo tanora mbola tsy tafiditra amin' izany lisitra izany, mba hanatona ny fokontany misy azy hisoratra anarana. Fotoana izao ifohazan'ny tanora amin'ny fandraisana anjara amin' ny raharaham-pirenena. Mba hialana amin'ny mety halatra sy hosoka amin'io lisi-pifidianana io, tokony hatao peta-drindrina ho hitan'ny rehetra eny amin'ny biraom-pokontany izany, hoy ity tanora mpanao politika ity. Nohamafisiny fa tanora mahay, mahalala, mahavita ny Tanora TIM araka ny toromarika sy ny famamby apetraky ny filoha nasionaly Marc Ravalomanana.




***Isambilo***

Antsojay ataon'ny fitondrana Rajoelina

# Tsy rariny ny fanemelohana an'i Ninie Donia 18 volana am-ponja

Tsy rariny ny fanamelohana an'i Ninie Donia 18 volana an-tranomaizina hoy ny mpomba azy, sy ireo rehetra tsy mankato izao fitondrana Rajoelina, mpampijaly ny tsy mitovy hevitra politika aminy izao. Nivoaka ny talata teo, ny didim-pitsarana mahakasika ny raharaha tany ao Nosy-Be faritra Diana, izay nisamborana ka nahavoatazona am-ponja efa ho 11 volana an'i Bezara Eliane na fantatry ny maro amin' ny solon'anarana Ninie Donia. Sazy mihàtra 18 volana, arak'izany no didy navoakan'ny fitsarana ao Nosy Be ho an'i Ninie Donia. Tsiahivina fa misy raharaha roa samihafa no vesatra niampangana an'i Ninie Donia, ary notsaraina niaraka izany andro vitsivitsy lasa izay. Ny iray dia fifampitoriana teo amin'ny Karana Assanaly sy ny Zafin' ny Fotsy. Nisintona ny fitoriany noho ny fihavanana anefa ny andaniny, mahakasika ity ady voalohany ity. Ilay raharaha faharoa kosa dia ny JIRAMA sy ny Fanjakana no mpitory, fandavàna didim-pitsarana (Ordonnance), sy fitarihana olona hikomy no vesatra niampanaga azy.
Marihina fa ny 16 jona 2022 no nampidirina amponja i Ninie Donia sy ireo namany 16, nivoaka ny didim-pitsarana ary nanao fampakarana ny tenany ka nahazo Fahafahana vonjy maika avy any amin'ny "Cours d appel" Antsiranana ny 04 oktobra 2022. Nolavin'ny fitsarana ambaratonga Voalohany tao Nosy be anefa izany. Vao mainka nomen'ny fitsarana tao Nosy-Be didy famonjana vaovao i Ninie Donia ny 05 oktobra 2022, na eo aza ny tsy fahasalamany. Maro ny olona tohina tamin'ity didy navoakan'ny fitsarana ity. "Ny fiarovana ny zony sy ny fananan-dRazany ve no ahazoana sazy tahaka izao. tsy rariny kosa, hoy ny olona maro naneho ny heviny momba izao raharaha izao.


*Ny mpanakanto sady mpanao politika, Ninie Donia.*

***Stefa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*


# Mampanahy ny hoavin'ny firenena raha tsy miova lalana dieny izao

Fanontaniana misesika ao an-doha ankehitriny, ary efa fotoana ela izay, ny amin'ny fiandrianam-pirenena marina. Toa tsy tena eo ny hambo na hasarotam-piaro amin'ny fiarovana ity tanindrazana ity, raha mahita ny fanomezana vahana ny vahiny, mpanefoefo, indrindra ny karana manjakazaka amin'ny harem-pirenena amin'izao fotoana izao. Toa mamihin-tanana na milalao tanana fotsiny no ataon'ny fitondrana Rajoelina, fa tsy hita izay fepetra noraisiny manoloana izany. Hany ka mirona ny saina hihevitra marindrano, fa diso lasibatra izao fitondrana Rajoelina izao. Sa mody fanina fotsiny, fa kôpy ihany, araka ny fomba fitenenana ankehitriny. Matoa anefa manao izany, dia maro no mihevitra, indrindra ny mpamakafaka, fa misy kopaka isasahana ao. Dia iaraha-mahita ny zava-misy eny amin'iny Ampefiloha akaikin'ny Cnaps iny, ny fanilihana ireo mpivarotra marobe nanamorona ny sisin'arabe, fa nitsangana ny trano lehibe goavana, izay mazava loatra fa ao anatin'izany ny karana. Toerana samihafa teto amin'ny Nosy ihany koa no nisian'izany tranga izany. Hanao ahoana ity vahoaka malagasy ity, izay efa nisy nilaza fotoana maromaro lasa izay, fa mahatsapa ho tsy misy mpiaro intsony. Iza izany no antenainy hiaro azy? Very fanahy mbola velona ny sarambabem-bahoaka, indrindra miha- sarotra ny tsy fandriampahalemana amin'ny endriny samihafa mihitsy.

« Misy manafika isika izao », io no teny nisarihan'ny sain'ny maro nataon'ny solombavambahoaka voafidy tany Ikongo, raha nivahiny tao amin'ny fahitalavitra iray ny tenany andro vitsivitsy lasa izay. Dia tsaroana tokoa ilay teny misoratra eny amin'iny faritra atsimon'Antananarivo renivohitra eny, izay toa hilaza ny amin'ny fahazoana laka eto amin'ity Nosy ity. Ho voailika eto amin'ny taniny ihany ity vahoaka malagasy ity, satria zary misy manome alalana sy manome vahana ny mpanilika azy. Hanao ahoana no iafaràn'ity vahoaka malagasy sy ny fireneny ity any aoriana ? Mila fandraisana andraikitry ny olompirenena haingana izany, ary ny fandraisana anjara mavitrika amin'ny fomba fifidianana no hany lalana misakana izany. Tokony hahay misoroka sy miàla amin'ny fampandriana adrisa sy ny fitapitaka mandrendrika azy ny vahoaka amin'izao fotoana izao.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.
Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Hanta R.

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

## Ny Valosoa sy hadihady

### Tsy fahaizana sy fitenitenenana foana

# Nanala-bara-batana indray Rajoelina tany Atsimo

Manahiran-tsaina ny olompirenena hatrany ny resaka fifidianana, satria tsy mazava intsony ny tian'ny fitondran-dRajoelina Andry hahatongavana. An-daniny, tsy mety mamoaka didim-panjakana manamafy ny daty hanaikana ny mpifidy hanatanterahana ny fifidianana Filohan'ny Repoblika navoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) ary namafisin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ny fitondrana mpanatanteraka. An-kilany kosa, sady tsy sahy milaza amin'ny fomba ofisialy, fa ho kandidà amin'izany fifidianana izany no manao fapielezan-kevitra mialohan'ny fotoana sahady Rajoelina. Manaporofo izany ny fitetezam-paritra ataon-dRajoelina Andry manao fitafiana lokon-dôranjy toy ny mpikambana tsotra ao amin'ny antokony, fa tsy filohan'ny Repoblika, ary mampanantena hamaha ny olana mianjady amin'ny vahoaka any amin'ireo Faritra nanaovany velirano kanefa tsy tanterany izany. Anisan'izany ny any Atsimon'ny Nosy izay nampanantenainy « pipe-line » efa roa taona lasa izay, kanefa dia nametrahany vato « fototra indray ». Nanao vava tsy ambina indray Rajoelina Andry, ka nilaza fa betsaka ny nampanantena fa tsy nisy nahavita, fa izy no « mesia » manome rano ny any an-toerana. Raha izany no jerena dia tsy misy fantany ny tetikasa rehetra nentina namatsiana rano ny tany Atsimo. Tsara ampahatsiahivina izy ireny, ka tao ny "impluvium" izay tsy mbola nahavaha ny olana, satria ny ranon'orana mirotsaka no nangonina tamin'ireny azo lazaina fa dobon-drano izany, ka tsy naharitra satria nifampizaran'ny olona sy ny biby fiompy ny rano. Nanao "forages" arivo tany Androy ihany koa ny Unicef ary nametraka toeram-pivarotana ny singa "pieces de réchange", kanefa noho ny tsy fisian'ny orana dia tsy nisy fanavaozana natoraly ny rano ambanin'ny tany, noho izany dia nivadika ho masira na mangidy mihitsy, ka tsy azo nosotroina intsony ny ankamaroany. Nisy koa ny "pipe-line" mirefy 172 kilometatra avy any Ifotaka mihazo an'i Tsihombe, novatsian'ny JICA (Japan International Cooperation Agency) vola ary notokanan'ny filoha teo aloha Ratsiraka Didier ny taona 1997. Ka tsy ny mponina any Atsimo no fitahina sy hanaovana ronono an-tavy toy izany, satria na mbola zaza aza tamin'izany dia mahatadidy sy nisitraka ireo tetikasa rehetra ireo. Ny filohan'ny Repoblika koa raha manan-tsaina tia karokaroka dia manao fanadihadiana eny anivon'ny mponina aloha vao miteny, fa tsy manala baraka tena ho tsy manana ny haavom-pahalalana eo amin'ny sehatra tsy voafehiny akory. Ireo mpiaradia aminy avy any amin'ny Faritra, olom-boatendry sy olom-boafidy moa dia tsy manan-katao afa tsy ny midera sy mankalaza ity "mesia" mitondra famonjena hono, satria notambazana vola be ka mihevitra fa hampiverina ny fitiavan'ny mpiray tanindrazana an- dRajoelina Andry ny ataony, kanefa dia fampijabahana tsotra izao. Na hisy na tsy hisy ny fifidianana dia tsy misy mahatoky ny CENI sy ny HCC na ny antoko politika, na ny fiarahamonim-pirenena, na ireo Vondrona Iraisam-pirenena isan-tokony ary na ny Mpitondra Fivavahana koa aza. Tao ny nanao antso avo ny hanaovana fikaonandoham-pirenena, misy koa ny mitaky ny fanoloana ny mpikambana ao amin'ny CENI sy ny HCC. Maro koa ny mahita fa tsy matotra mihitsy ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy, satria na dia nameno ilay taratasy nanaovan'ny iraky ny Ceni izany aza dia na misy diso ny momba azy na tsy tafiditra ao anaty lisitra akory. Ankoatry ny fandraisana andraikitry ny Fivondronan'ny Fiangonana Kristiana Malagasy (FFKM) amin'ny fanarahamaso ny fizotry ny fifidianana mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana ka hametrahany ireo kristiana any amin'ny Faritra sy biraom-pifidianana rehetra dia nampiaka-peo ihany koa, ny talata 25 Aprily 2023, ny "Commission Episcopale Justice et Paix" momba ny tsy maintsy hanatsarana ny "Lalàm-pifidianana" ( Réforme de la Loi Electorale), ary namotsipotsitra ny krizy eo amin'ny sehatra rehetra, politika sy sosialy mandalo amin'ny krizy ara-toekarena sy fanabezana ary fampianarana, izay mahazo laka amin'izao fotoana izao. Tsara ary tsy maintsy atao ny fanamarinana na tafiditra na tsy tafiditra ao amin'ny lisitry ny mpifidy ny olompirenena tsirairay, fa tsy maintsy mandray andraikitra ihany koa ny tsirairay hanilika ireo nampahantra sy nampihinana ny tsy fihinana ny vahoaka Malagasy ary nanao tantely afa-drakotra ny harem-pirenena.

***Andry Tsiavalona***

## TONONKALO

### POLITIKAN'NY MPANAO HAIADY

Dia samy milaza ho mpanao haiady,
Ry zalahy mpanao politika maloto.
Midehaka ho samy efa ambony girady,
Kanefa ny saina dia jiolahimboto !

Mirehaka ho « mpampipipy an-kilaoty »,
Fa hoe mafy be sady tena mahay.
Nefa raha ny fahaizany no omena naoty,
Dia « aotra ankiroa » fa tsy mihoatran'izay !

Raha hoe ny « taimbava » dia tsorina kosa
Fa tena ananany be ambongadiny.
Anisany koa irony lainga miavosa
Fanaony hampahomby an'ireo tetikadiny !

…Tsy ho ela dia hisy ny kianja malaza
Natao hampiadiana mpanao politika,
Ka eo ry boaikely mpanao sain-jaza
Ary koa ry vazimba no hiseho amintsika !

Dia hisy ny amboara tsy maintsy hozaraina
Ary tena ho talanjona ny olon-drehetra,
Fa ny hahazo izany dia ireo maivan-tsaina
Izay zatra lalao politika voretra !

***IRINA HO TAFITA (25-04-23)***

### MISAONA NY ASA FANAOVAN-GAZETY

# Nodimandry i Aina Andriantsoa mpanao gazety mpaka sary




*Aina Andriantsoa fahavelony.*

Misaona indray, ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety eto amintsika, nodimandry i Aina Andriantsoa, mpanao gazety mpaka sary. Nodimandry ny talata alina teo, teo amin'ny faha-51 taonany i Aina ANDRIANTSOA, mpanao gazety mpaka sary, na « cameraman » tao amin'ny Videopilot no niaingany ary anisan'ny nanangana ny TV PLUS Madagasikara izy, tamin' ny taona 1999.
Tao amin'ny TV Plus Madagasikara, no tena nahafantaran'ny rehetra azy ary saika nifanerasera tamin'ny mpanao politika maro sy ny seha-pitantanana samy hafa ihany koa i Aina ANDRIANTSOA. Saika nilona teo amin'ny sehatry ny fakana sary izy mianakavy, ny rainy Robert Andriantsoa dia mpanao gazety mpaka sary tao amin'ny TVM, toy izany koa ny dadatoany Lucien Andriantsoa, dia mpanao gazety mpaka sary tao amin'ny Televiziona Malagasy ihany koa. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

***Niaina***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Fampitomboana isan'ny fokontany ho 1204 Misy ny fiketrehana halabato any amin'ny faritra atsimo




| | | | |
|---|---|---|---|
| | 3.383 | 3.393 | – 0,29 % |
| Antsiranana | 1.364 | 1.394 | – 2,15 % |
| | 3.046 | 3.151 | – 3,33 % |
| Mahajanga | 2.713 | 2.687 | + 0,97 % |
| Toamasina | 2.461 | 2.489 | – 1,12 % |
| | 4.997 | 3.973 | + 25,77 % |
| | 17.964 | 17.087 | + 5,13 % |

**Tovo Miharisoa :** inona indray ireto fokontany 1204 matoatoa noforonina itony ry CENI ah! Sao dia feno hatrany anaty ranomasina any @ iny faritra atsimo iny izany? Ny fanabadoana no lehibe indrindra. Miala any indray izany ny doublon fkt.

**Zouzou Zanak'i Dada Tim :** FIKAN' I RATSIRAKA TAMIN' NY TAONA 2001 IO.

**Jade Haylie :** ka efa zay mihintsy ange hono ny tenin'ilay Rajoelina io hoe: ze nataon'i Ratsiraka hono no ataony.

**Mino-Elisoa Raza :** wouah ! Tsy vitan'ny efa nanaovany doublon goavana be t@ 2018 ireny (120% no vato azon'i DJ rabadoda) tany Toliara, fa mbola manampy trotraka indray ny CENI namorona 1204 fokontany matoatoa re olona ! Any @ faritra Atsimo iny foana no mahafaty azy sy anaovan-dreo izao fika maloto tsy ara-drariny izao ary tena tsy fahita tao anatin'ny 62 taona rahateo. Dia abadoina izay tsy izy ireto olona efa very fanahy mbola velona, sy tena reraky ny fahantrana lalina ary ny fampanantenana poakaty tao anatin'ny 4 taona mahery, manginy fotsiny koa... Ny ahiahiana koa mantsy : sady mbola velesiny @ LAINGA sy FITAKA ary HALATRA, no hitrosona tanteraka @ tany, dia ho lasa "triplon", fa tsy doublon no miala any indray. LOZA sy tena GIRAVY ny ataon-dreo ry Tovo Miharisoa!

**Zava Andria :** efa maro ny mamerimberina eto hoe RAVAO io CENI sy hamboary ny Hcc, izay vao hatao ny fifidianana rehetra… Zay mbola mikiry eo dia @2028, 2032 no hihaona raha hisy Malagasy izany intsony eo.. Efa niteny aho zay...

**Serge Rakotonarivo :** matoatoa fohazina hifidy dray ve?

**Mooz Hika :** efa ela ihany ny gasy nimenomenona izay a… na ny mpitarika ny fanoherana na ny vahoaka voadona fa ee… na ny rahalahiny sy ny anabaviny sy ny akamany aza tafiditra ao andapa fa toa tsy nisy vokany ny fitarainana.

**Hetsika Pro-Ravalomanana :** TOLIARA: MANAO HOSOKA NY CENI, MISY FOKOTANY 1024 TAMPOKA, TSY MBOLA MISY MPAHAFANRATRA NIPOITRA AO ANATY LISI-PIFIFIANANA.
Marihina fa hararaotin'ny volomboasary mihitsy ity toerana ity, fa ireny biraom--pifidianana foronina ireny dia atao 100% vaton'i Rajoelina. Mbola tany Toliara ihany koa no nanaovan'ny volomboasary 120% ho an'i Rajoelina.
Tokony ho saziana daholo izay voakasika @ ity raharaha ity, ary tokony ho ny mpanohitra no manondro ny antsasan'ny mpikambana ao @ CENI, ary hiarahana mijery ny logiciel ny CENI.

NY VALOSOA VAOVAO
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00
gvalosoa@yahoo.com

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Isambilo, Helisoa

Ny mpitarika ny Jeune TIM Analamanga, nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Bel'Air afak'omaly.












Somebiseby ary nilamina ny tao Ambanja faritra Diana, nandray ny filoha Marc Ravalomanana.









## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo.*
***Matio 28:19-20***

**BODY BUILDING**

# Ho fanomeam-boninahitra an'i Bigman ny hetsika Bigtanà

Ho fanomezam-boninahitra an'i Bigman, ho tazonina ny datin'ny sabotsy 29 aprily 2023, hanatanterahana ny hetsika Bigtanà «Compétition Body building », izay hotanterahina eny amin'ny Minning Business Center Ivato, hanomboka amin'ny 1 ora atoandro, ka natokana indrindra ho fanomezam-boninahitra an'Itompokolahy Bigman, na Randrianarimanana John Mario, izay nodimandry tamin'ny sabotsy maraina, ka isaonan'ny tontolon'ny fanatanjahantena Malagasy amin'ny ankapobeny ary ny taranja body building manokana, noho izy nitondra avo sy niaro ny voninahipirenena tamin'ireo fifaninanana iraisam-pirenena maro samihafa efa natrehany fony fahavelony, teo amin'ity taranja ity. Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mitondra ny teny fampiononana feno ho an'ny ankohonan'i Bigman sy ny fianakaviany manontolo ary ny fianakaviambe'ny taranja body building, sy ny fanatanjahantena Malagasy amin'ny ankapobeny.

***Rainilita***


***Bigman fahavelony.***

**Andro eran-tany hoan'ny fanatanjahantena**

# Nanohana mavitrika ny hetsika ny Telma


***Tetsy amin'ny Parvis Analakely ny alahady teo.***

Nisongadina tamin'ny ankapobeny ny fanohanan'ny Telma, tamin'ny hetsika hetsika fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny fanatanjahantena 2023, notarihan'ny MJS : "Ministeran'ny tanora sy fanatanjahantena Malagasy", sy notohanan'ireo mpiaramiombon'antoka hafa ihany koa, tetsy amin'ny Parvis Lapan'ny tanàna Analakely tamin'ny alahady 23 aprily 2023 teo. Nanambaran-dRakotonandrasana Ny Aina, tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanatanjahantena eo anivon'ity orinasa Telma ity, fa tsy mitsahatra ny manohana hatrany ny fanatanjahantena Malagasy tsy ankanavaka ny Telma ary nanohana mavitrika an'ity fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny fanantanjahantena 2023, ka nivoizana ny fandriampahalemana sy fahasalamana, amin'ny alalan'ny Fanatanjahantena, ho fampiroboroboana indrindra izany fanatanjahantena Malagasy izany. Mpisehatra fanatanhantena Malagasy maro no nandray anjara mavitrika tamin'ny hetsika, ka ankoatra ny fanentanana samihafa natao teo amin'ny "Podium", nanoloana ny lapan'ny tanàna Analakely dia nisy ihany koa fampisehoana hetsika Zumba, sy tenisy ambony latabatra ary badminton sy "jonglages" notaterahina teo amin'ny "Parvis".

***Rainilita***

**World Rugby Sevens Challenger Serie 2023**

# Nandresy indray mandeha ary resy in-3 ny Ladies Makis 7s

Nandresy indray mandeha an'i Mexique tamin' isa 26 noho 7, ny ekipampirenena Malagasy Makis Ladies 7s, nandritra ny lalao nataony tao amin'ny kianja "Markötter Stadium, Stellenbosch, South Africa", tamin'ny alakamisy 20 aprily 2023 lasa teo, nefa dia faharesena intelo miantoana no azony avy eo, nandritra ny lalao faharoa sy fahatelo ary tamin'ny lalao 1/4-dalana tamin'ity fifaninanana ity. Voka-dalao azon'ny Makis Ladies 7s nandritra ny andro voalohany tao amin' ny vondrona E : -Makis Ladies 7s (26) – (7) Mexique, -Afrique du Sud (7) – (7) République Tchèque, -Mexique (0) – (36) Afrique du Sud, -Makis Ladies 7s (7) –(12) Republique Tchèque, -Afrique du Sud (14) – (05) Makis Ladies 7s. Vokadalao 1/4-dalana natrehan'ny Makis Ladies 7s hatrany : Pologne 19-05 Makis Ladies 7s. Ny dingana faharoa amin'ity fifaninanana ity dia hatao amin'ny 28 – 30 aprily ho avy izao.

***Rainilita***



***Ladies Makis 7s 2023.***

## Sakafo Ny Valosoa



**Sofin-kisoa sy legioma** indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ritra izany, dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny voankazo voasary



Ny soa azo avy amin'ny voankazo voasary indray, no Mahasoa eto amin' ny gazetinao androany. Vokatra ity voankazo ity amin' izao fotoana. Voankazo tena ilaina hanina isan'andro ny voasary. Ireo tombotsoa azo avy amin'ny voasary:

- Be vitamine C.
- Manatsara ny hoditra.
- Mampilamina ny tosi-drà.
- Anti- oxidant, na miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Mampidina ny tahan'ny cholesterol.
- Tsara ho an'ny olona diabetika.
- Miaro amin' ny aretina cancer, na homamiadana.
- Tsara ho an'ny maso.
- Miaro amin'ny constipation, na ny mitohana, indrindra ny vehivavy bevohoka.
- Mampatanjaka ny hery FIAROVANA.
- Manala tavy amin'ny vatana.
- Manala sery sy tazo.
- Manampy amin'ny torimaso.
- Manampy amin'ny fitadidiana.


Tena tsara ary tokony hohanin'ny zaza, ankizy ary isika lehibe isan'andro. Afaka atao jus, afaka hanina amin'izao.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Manompana distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Manompana distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Manompana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrian'i Soanierana Ivongo. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 41 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatraa ny Manompana ny jirofo, ny lavanila, ny vary. Misy mpanjono koa ny mponina any Manompana.






OLAN'NY FANDEHANANA ANY IVELANY

# Hasio fanaovana pasipaoro ihany koa any amin'ny faritra

Manoloana ny olan' ny fizarana pasipaoro amin'izao fotoana eto Antananarivo, noho ny tsy maintsy hilaharana maraimbe, nefa mety mbola tsy ho voaray amin'izany, mitaky ny hanapariahana ny fanomezana izany pasipaoro izany any amin'ny faritra koa ny olona avy any ivelan'ny renivohitra. Olona maromaro sendra tafaresaka tamin'ny mpanao gazetin'ny gazety Ny Valosoa no nanambara sy nanontany:"inona no antony tsy amelana ny renivohi-paritany hamoaka pasipaoro Malagasy ankehitriny, nefa dia samy manana ny antsoina hoe service d'immigration ? Tsy maintsy miakatra aty Antananarivo, vao mahavita passeport ny Malagasy rehetra eto Madagasikara. Tsy maintsy milahatra manomboka amin' ny 12 alina. Tamin'ny 4 h du matin no nahatongavako nilahatra teo, efa laharana faha 145 no azoko. Efa misy matory eo amin'ny service passeport eo Anosy mihitsy, raha nanontaniako ilay laharana voalohany! Fa manina no ampijaliana tahaka izany ny Malagasy?



*Pasipaoro Malagasy amin'izao fotoana.*

Efa 60 taona mahery anie isika no nahaleo tena e ! Dia na fanamboarana passeport aza ve dia voatery tsy maintsy ijaliantsika ? Manome sosokevitra aho: aparitaho isaky ny renivohitry ny Région na ny renivohitry ny Province ny fanaovana an'io pasipaoro io! Fa tsy atao famolosana ireo olona mipetraka lavitra : frais taxi- brousse aller-retour + sakafo an-dalana sy mandritra ny fipetrahana eto An- tananarivo + chambres d'hôtel 3-4 jours ho an' izay tsy misy havana + frais de dossiers 200.000 ariary, tena lany volabe!"

***Stefa***

Foire Internationale Madagascar

# Homena sehatra ireo orinasa miaro ny tontolo iainana

Miara- mientana amin'ireo orinasa misehatra amin' ny fikolokoloana sy fiarovana ny tontolo iainana, ao anatin'ny fandraisana andraikitra ny hetsika Fim (Foire Interantionale de Madagasikara), izay karakarain'ny Hazovato Forello Expo, hatao etsy Tanjombato ny 11 mey, ka hatramin'ny 14 mey 2023 ho avy izao. Nilaza Ramatoa Ramanantsoa Harilala, tompon'andraikitra ao amin'ny Hazovato Forello Expo, no sady mpikarakara ny Fim, fa hanana ny toerany manokana (Espace Eco Responsable), ireo orinasa miisa 30 misehatra amin' ny tontolo iainana ary hampiranty ny fahaizamanaon'izy ireo, sy ny tolotra momba ny fiarovana ny tontolo iainana mandritra ny 4 andro. Nanamafy ity tompon'andraikitra iray ao amin'ny Hazovato Forello Expo ity, fa anisan'ny hampiavaka ny Fim ny fisian'ny rianaratra, no hanodina ny Parc Forello Tanjombato amin'ny alalan'ny angôvo avy amin' ny masoandro. Fotoana hanomezana sehatra an' ireo orinasa mikolokolo ny tontolo iainana ao anatin'ny fandraisana andraikitra izao, ho fampivoarana ny toekarena sy sosialy, mba hanana ho avy mamiratra i Madagasikara, hoy ihany izy.


*Ramatoa Harilala Ramanantsoa, anisan'ny tompon'andraikitra amin'ny FIM.*

***Franck Razakambelo***

Basket Coupe de la Ligue Vakinankaratra 2023

# Norombahin'ny Cospn lehilahy sy Mb2All vehivavy

Norombahin'ny Cospn Analamanga lehilahy sy Mb2All Analamanga vehivavy, ireo amboara "Coupe de la Ligue Vakinankaratra 2023 », notanterahina tao amin'ny kianja mitafon'i Vatofotsy Antsirabe, tamin'ny sabotsy 22 sy alahady 23 aprily 2023 teo, nandritra ny fanatanterahana ny fifaninanana "Championnat national N1A Homme - Conférence Centre 2023", sy ny "Championnat national N1A Dame 2023", natao tao amin'io toerana io hatrany, izay nokarakarain'ny FMBB "Fédération Malagasy de Basket Ball", sy ny LRBB "Ligue Régionale de Basket Ball" Vakinankaratra, niaraka ary notohanan'ny Telma Madagascar sy MVola ary ny Youzou Madagascar niaraka ihany koa. Teo amin' ny sokajy N1 A vehivavy ny Mb2All Analamanga nandresy ny Gnbc Analamanga 71 – 38, teo amin' ny lalao famaranana ary ny Cospn Analamanga nandavo ny Sbc Vakinankatra 88 – 51, teo amin'ny famaranana N1 A lehilahy. Ankoatra ireo amboara azon'izy ireo tsirairay avy dia samy mbola notolorana ny taratasim-bola mitentina 1.100.000 Ar ihany koa izy ireo. Ireo tompondaka lefitra kosa dia samy notolorana taratasim-bola mitentina 900.000 Ar avokoa. Ny ekipan'ny Tgbc Betsiboka kosa no nitana ny laharana faha-3 teo amin'ny sokajy N1 A lehilahy ary ny Bcb Boeny no nitana ny laharana faha-4. Teo amin'ny sokajy N1 A vehivavy kosa dia ny Tgbc Betsiboka, no nitana ny laharana faha-3 ary ny ekipan'ny Ankaratra Vakinankaratra, no nitana ny laharana faha-4.



*Cospn tompondaka lehilahy.*

***Rainilita***

Baolina lavalava

# Mbola misafotofoto indray ny taranja rugby

Mbola misafotofoto misy nanakorontana indray, ny taranja rugby Malagasy, satria misy tompon'andraikitrana ligy sasantsasany niteny tao amin'ny fahitalavitra iray teto andrenivohitra tamin'iny faran'ny herinandro lasa teo iny, fa hoe mangataka ny hamerenana ny fifidianana filohan'ny federasion'izany taranja rugby izany, izay efa vita tamin'ny volana volana novambara 2022 lasa teo tany Mangily Toliara II faritra Atsimo Andrefana, ka nahalany indray ny filoha am-perinasa, Rakotomalala Joseph Marcel tamin'izany. Nilaza mihitsy fa efa nahatsangana "Comité electorale" nankatoavin'ny MJS hanatanteraka an'izany fifidianana izany ity vondron'olona mpikambana amin'ny ligin'ny rugby ity, ka eo no mahalasa ny eritreritry ny maro hoe : "Iza marina no minia mbola manakorontana an' ity taranja ity ? na dia mbola miatrika lalao iraisam-pirenena any Nairobie Kenya sy atsy Afrika Atsimo aza ireo mpilalao rugby Malagasy sokajy U20 lehilahy sy rugby à 7 vehivavy, izay midika fankatoavan'ny rafitra iraisam-pirenena ny fitantanana ataon'ny mpitantana rugby Malagasy ao amin'ny Malagasy Rugby, matoa afaka manatrika an'ireo fifaninanana ireo ary neken'ny minisitera mpiahy ny fanatanjahantena Malagasy : ny MJS ihany koa ny handraisan' izy ireo anjara amin'ireo fifaninanana ireo.

***Rainilita***

Fahatsiarovana an'i Bivy tarika Tsivery

# Tonga maro ireo mpankafy sy artista niara-njiasa taminy


***Ny mpanakanto Bivy fahavelony.***

Notanterahana ny zoma teo, tao amin'ny Hotel Le Glacier ny lanonana fahatsiarovana an'ilay mpanakanto Bivy, izay anisan'ny namorona ny tarika Tsivery, izay nokarakarain'ny Generation Mars. Ny lanonana dia nokarakaraina, mba hanomezana voninahitra an'i Bivy ary ihany koa nanangonana izay foin'ireo mpankafy hoentina hanaovana mari-pahatsiarovana azy.

Finiavana tao amin'ireo generation mars, izay nitaiza an'i Bivy, no nahatanteraka ny hetsika, mba hoentin'ireo ekipan'ny generation mars hamaly babena an'i Bivy, izay niarahana tamin'ny fianakaviana, sy ireo mpanakanto maro. Tsy nampoizina ny zava-nisy hoy Do batteur, satria tonga maro ireo mpanakanto toa an-dry Mamy Gotso , Lico kininike ; Black Nadia ; Backom ; sy ireo maro tsy voatanisa, tao koa ireo tsy afaka nanotrona ity hetsika ity, fa nandray anjara tamin'ny fanomezana tolotra. Na dia mafy aza ny fanomanana dia tanteraka ihany noho ny fiaraha-mientan'ny rehetra .

Tsy nifarana ny hetsika, raha tsy ny tompon-trano no nandefa ny rehetra nody. Hitohy any Morondava faritra Menabe ny hetsika ary hisy ny fiaraha-miasa amin'ireo any an-toerana, hoy Do batteur, satria efa nisy ny fifampiresahana amin'ireo famille any Morondava, izay soloin'i Zaïd tena, ka dia efa manasa ny vahoaka sy ray amandreny ao Morondava sahady amin'ny fiaraha-miasa, fa ny tanjona dia ny hametraka tsangam-bato ho fahatsiarovana an'i Bivy ao Morondava.

Raha tsiahivina ny momba an'i BIVY dia teraka tamin'ny 11 jona 1970 teto Antananarivo i RAMANANKORAISINA Richard Aimé, no tena anarany , avy ao Antsahadinta Atsimondrano Antananarivo. Zaza be rarakivy izy fony kely, ka izany no nahatonga ny anarapetaka hoe BE IVY, ka nafohezina hoe BIVY. Namela zaza kambana 4 izy. Izany hoe ny voalohany kambana mianadahy ary ny faharoa kambana roa vavy. Zaza vao 4 taona i Bivy tamin' izay ary vao vita batisa tao amin'ny FLM Ambatovinaky tamin'ny andron'ny Pastora RAKOTOANDRIANARIJAONA, IZAY NANAO BATISA AZY. Fotoana fohy taorian'izay dia nila ravinahitra tany Morondava ny Ray aman-dreniny ny taona 1974. Tao no nitsiry ny talenta sy ny fitaizana rehetra(EPP, CEG ary ny LYCEE), toy izany koa ny Sekoly alahady, confirmation ary ny chorale ary tao amin'ny chorale no namohazan'i Jesosy ny talenta rehetra teo amin'ny HIRA sy MOZIKA, ka nahatonga azy namorona ny tarika Tsivery. Nitety an'i Madagasikara tokoa izy, eny hatrany ivelan'i Madagasikara koa(France, Norvège, Danmark, Suède, Maurice, La Réunion, Mayotte, Mali). Niaraka taminy tamin'izany ireo mpikambana tao amin'ny tarika TSIVERY (Fataka, Paly, Henri, Do batteur, Tina, Hanta, Dofa ary Alain ). Niasa nandritry ny 10 taona tao amin'ny studio Mars(ex DISCOMAD) teo Antanimena, amin'ny maha artiste technicien azy izy , ary tao no nampitomboiny ny fianarana marobe mikasika ny audio, fiofanana samihafa tany ivelany, ka nahazoany ny mari-pahaizana momba ny "son". Betsaka ireo efa niara-niasa taminy: Député Fidèle, Député Tsiliva, Député Dina, Miminy, fitondram-panjakana maro nifandimby, Mamy Gotso, Rajery, Prod LE MAVO, Jackob Kassav, Jaojoby, Poopy, Bodo, Sakelidalana, Henri RATSIBAZAFY, LABA, Din ROTSAKA, Tianjama, Samoela, Chorale AMAF, Trompetra Fanantenana FLM 67ha, izay nisy azy teto Antananarivo; Tanora Masina, KTKT, KOIKE, Magnific de Miandrivazo, miala tsiny amin' izay tsy voatonona, fa tena maro tokoa, fa ireo no hita tao anaty fanadihadiana. Ampahatsiahivina fa i BIVY ihany koa no nanao ny arrangement, prise de son ary ny mixage ny hiran'ny Chorale Trompetra Fanantenna FLM 67ha 100%, fony izy niasa tao amin'ny STUDIO MARS. Ny taona 2017 izy no niverina niasa sy niaina tany Moronava ary nanomboka teo izy no nanomboka narary fo, ary nitsabo tena ary nihinana fanafody mandrapahafaty. Niara-niasa tamin'ireo mpanakambana sy chorale marobe tany an-toerana izy.Tany no niantombohan'ny talenta avy amin'i Jesosy ary tany no nangalan'i Jesosy azy ny 18 Aprily 2021 .Tsiahivina fa ny chorale FLM KTKB Betela Morondava, izay niandohany nihira, nahaizany mozika, ka nanandratany ny kolontsaina Menabe sy ny hira fiderana no niafarany.

***Rajepa***

Karaté Challenge du Boeny

# Nifarana tamin'ny faran'ny herinandro teo

Notanterahina tany Mahajanga faritra Boeny, tamin'ny herinandro lasa teo ny hetsika karaté Malagasy Challenge du Boeny « SAMY JAO 2023 », izay nokarakarain'ny FMK "Fédération Malagasy de Karaté", tarihan'ny Sensei Ratefinanahary Emile, ka nanatanterahana an'ireto lafin-javatra 4 miantoana ireto : 1- « Stages : Technique & Arbitrage » 2- « AGE » 3- « Carnaval » 4- « Compétition ».

***Rainilita***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**15/04/2023 hatramin'ny 22/04/2023**

- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1428-04-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)

## Miandry ny olom-pirenena hijoro sy handray andraikitra

Mpandinika sy mpamakafaka maro no mahatsikaritra ny manjo ny fihetsiky ny vahoaka malagasy tato anatin'ny fotoana lavalava izao, mba tsy ilazana hoe aman-taonany maro. Ny fihetsiny manoloana ny zava-misy sy mitranga eto amin' ny firenena, izay toa tsy misy akony aminy ? toa tsy miraika amin'ny zava-mitranga kanefa tsy isalasalana, fa maheno sy mahita izany izy. Tena tsy misy akony tokoa ve ? Sa misy ihany, fa tsy asehony mivantana avy hatrany. Anisany sinton-kevitra mivoitra rehefa mandinika izany, dia hoe: tsy sahy mijoro ary tsy mandray andraikitra ny vahoaka malagasy. Eo ihany koa ny fandinihana, fa ny fanabeazana na ny seha-pitaizana nomena azy na teo amin'ny sehatry ny fampianarana norantoviny na ihany koa no tena nahatonga azy ho toy zaza ka mihemotra rehefa amin'ny fotoana tokony handraisana andraikitra eto amin'ny firenena. Tsy tokony adinoina velively anefa, fa ny olom-pirenena ka tsy sahy mijoro sy mandray andraikitra dia mitondra ny fireneny hizotra mankany amin' ny fitontoganana na fikorosofahana. Na eo aza ny fanentanan' ny mpitondra amin'ny fiarahana mampandroso ny firenena, dia teny an'efitra ihany izany, ary ho very an-javony ihany izany. Dia izao iaraha-mahita izao ny zava-misy, tsy miraika amin'ny manjo ny firenena na dia resahana eny anivon'ny fiaraha-monina sy sehatra samihafa aza izany.

Mila manova toe-tsaina ny olom-pirenena, ny sarambabem-bahoaka manontolo mihitsy, miatrika ny fiainam-pirenena. Tsy fotoanan'ny fihainohainoina intsony izao, fa hihodinkodina fotsiny ho lany andro toy ny "mponin'Isiraely" eto ny Malagasy, tsy ahita lalan-kivoahana hialàna amin' izao fiainany anaty fahantrana lalina manjo azy izao. Manaitra ny sain'ny maro sy nitarika azy hizotra amin'izany fanovana lasitsaina na lasijika izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Ao anatin'ny loabariandasy na varavarana misokatra izay karakarainy no hanatanterahiny izany. Efa andiany roa izay no efa nokarakarainy tamin' izany ny volana martsa sy ity volana aprily ity. Efa miomankomana ho andiany manaraka sahady indray izao ny AFK, ary hanasany ny olom-pirenena vonona sy liana amin'izany fikasany izany. Fifandraisana 034 17 460 53.

***Aris***

Fetin'ny asa

## Hisokatra ny Tranombarotra Baolai amin'ny andron'ny 01 mey

Rehefa amin' ny vanim- potoana toy izao, dia maro ireo orinasa tsy miankina eto amintsika izay manavao ny tolotra omeny. Anisan' izany ny Tranombarotra « Baolai » etsy Soarano, Analakely ary ao Bazar - be Toamasina. « Ho fintsonjovana ny rehetra dia hisokatra manokana izahay ny andron'ny 01 mey hoavy izao. Ary mbola mitohy ilay fihenambidy amin'ireo fahitalavitra fisaka sasantsasany ato aminay (misy antoka 1 taona daholo). Hoan'ny « écrant plat » 32 Pouces «Jeyoo » dia manomboka 350.000 Ariary ny vidiny. Ary hoan' ireo izay mividy 32 pouces « Hisense » iray, izay 529.999 Ariary ny vidiny, dia omenay fer fipasohana iray », hoy ny tompon' andraikitra. Ao amin' izy ireo hatrany no ahitana entana vaovao, « premier choix», amin' ny vidiny mirary. Ao ny machine à café à capsule, Laser Tv 100 Pouces, four à gaz sy elektrika, mini radio baffle bluetooth solaire, réfrigérateur ( izay mitazona ny hatsiaka 135 ora aorian'ny delestazy), table de mixage, panneaux solaires mono sy polychristalline, subwoofer, machine à laver double barre, climatiseur maro samihafa, synthétiseur, … Ny atsiprian'izany rehetra izany, dia ho azo amin' ny pejy fb sy « site web »: baolai ary ao amin'ny laharana 020 22 308 48 - 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Dia hiavaka ao anatin'ny maro ity volana mey vao higadona ity miaraka amin' ny Tranombarotra «Baolai ».

***Aly***





*Entana maro samy hafa hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 431**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0430)

***Mitsivalana***
- Ilaozana
- Mando – OM
- Dimy
- Ror(a) – Anio
- Basy (miv) – Ora
- Nanome
- AA – Lma

***Mitsangana***
- Imerina
- La – Osa
- Andrana
- Ody – BOA
- Zoma
- Leony (miv)
- No – Ia
- Amboara

### TENY MIFANAPAKA N° 431



**Mitsivalana**

**1.** Manao sangisangy **2.** Taranaka mamboly (miv) – Fanafohezana ny minitra **3.** Maneho ny fiangonana **4.** Hazo maro – Ohatra – Ranom-bava **5.** Atao amin'ny fomba mora **6.** Tiany, iriny **7.** Tampisaka – Alon-dranomasina **8.** Marika – Ao amin'ny fery **9.** Karatra matanjaka – Ankizy kely taona – Naoty **10.** Tovano – Volana

**Mitsangana**

**A.** Miahiahy, kanosa **B.** Biby (miv) – Reraka, tsy ampy hery **D.** Nalahatra tsara, tsy mikorontana **E.** Lavitra – Harena (BL) – Zandarimaria **F.** Nanaovanay antsoantso tsy fankatoavana **G.** Mpisolo tena – Voaray, tra-tehaka **H.** Fanontaniana **I.** Mahazo tampoka tsy ampoizina **J.** Nivadika zavatra hafa – Fototongotra **K.** Fanitarana – Zava-maniry masiaka

### *Valiny Teny mifanaraka 0430*

**Mitsivalana**

**1.**Hasasarana **2.** Ivy - O.I **3.** Tononkalo **4.** Sotro - Piso **5.** Arovy **6.** Reny - (V)al(o) **7.** Alika (miv) - Atao (miv) **8.** Nenina - Tao **9.** Fitiavana (miv) **10.** Aia ? - Divay

**Mitsangana**

**A** Hatsarana **B.** OO - Ekena **D.** Sintoninay **E.** Rova (miv) - Avily (miv) **F.** Sinoa - Ana **G.** Ra - Dia (miv) **H.** Roapolo - Ti **I.** Vilia (miv) - Vita (miv) **J.** Osy - Tafa **K.** AG - Hao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny akon'ny dian'ny filoha Marc Ravalomanana tany Ambilobe faritra Diana. Feno hatrany ny efitrano ihaonany amin'ny mpikatroka.**

















